

Fampihavanam-pirenena
Fanambarana iombonana tao aorian'ny fihaonana ny 15/01/2015

Nandinika ny valin'ny fanontaniana miisa 33 avy amin'ny Filoha dimy (amperin'asa sy ny teo aloha) sy ny solontenany ny mpivory.

Ny foroana niarahanay nidinika teto tanatin " ny fanahin'ny 4F " dia nahatsapanay fa tompon'andraikitra izahay tamin'ny zavatra niseho teto amin'ny firenena, ao ny nety ao ny tsy nety ka niteraka ratra. Koa vonona izahay hijoro ho modely amin'ny Fampihavanana ary hifanome tàmàna ho amin'ny fitoniana maharitra mba hirosoana ho amin'ny Fampandrosoana. Miantso ny Vahoaka koa amin'izany.

Isaorana ny Filoham-piangonana efatra nanampy tamin'ny fifampidinihana hirosoana ho amin'ny Fampihavanana hatreto.

Hisokatra amin'ny fampandraisana anjara ny Vahoaka avy amin'ny faritra samihafa ny dinika manaraka ary hofaritana tsy ho ela ny daty hanaovana azy.

Antananarivo faha 15 janoary 2015

Nanao sonia ireo Filoha nandray anjara sy ireo Filoham-piangonana